Document downloaded from http://www.elsevier.es, day 05/06/2023. This copy is for personal use. Any transmission of this document by any media or format is strictly prohibited.

Ny fitarihan’ny firenena Tatsimo mankany amin'ny ekolojia sy ny fiarovana ny tontolo iainana tropikaly

Teny fototra

Rariny , fahasamihafana, fampidirana ny vondrona samihafa, mpiara-miombon'antoka eo an-toerana, fiaraha-miasa iraisam-pirenena, fanafoanana fanjanahanana.

Famintinana

Ny fanamafisana ny fandraisan’anjaran’ireo mpikaroka avy amin’ny firenena Tatsimo eo amin’ny sehatra ekolojia tropikaly sy ny fikajiana ny zavamananaina dia isan’ny tanjon’ny vondrom-piarahamonina siantifika ankehitriny . Hatramin’izao anefa, ny soso-kevitra hanatsarana ny fampidirana ny vondrona samihafa dia miantefa amin'ny andrim-panjakana sy mpikaroka avy amin’ny firenena Tavaratra. Na dia tena zava-dehibe aza ireo fanatsarana ireo, dia misy ihany koa ny fanamby avy amin’ny firenena Tatsimo, izay ateraky ny toe-draharaha ara-tsosialy, ekonomika, kolontsaina ary siantifika, ka manasarotra ny fametrahana ny fahasamihafana sy ny ara-drariny ary ny fampidirana ny vondrona samihafa (diversity, equity and inclusion - DEI) ao amin’ny sehatra ekolojia tropikaly. Ka noho izany, ny fiovana miorim-paka ao amin'ny firenena Tatsimo dia ilaina amin'ny fiovana maharitra mankany amin'ny DEI, izay miantoka ny fahombiazan’ny fikarohana momba ny tontolo iainana tropikaly sy ny famahana ny olana misy eo amin’ny zavamananaina ankehitriny. Manolotra hetsika fotrotra lehibe folo (10) izahay amin'ny fiaraha-miasa ara-drariny iraisam-pirenena eo amin'ny sehatra ekolojia tropikaly, izay tokony tarihin'ny mpikaroka avy amin’ny firenena Tatsimo, ka hanatsara ny DEI amin'ny ambaratonga vondrom-piasana, nasionaly ary iraisam-pirenena. Eo amin'ny sehatra vondrom-piasana dia manoro hevitra izahay (1) ho lasa fakan-tahakaho an'ny DEI, (2) hiara-mamolavola fikarohana amin'ireo mpiara-miombon'antoka eo an-toerana, ary (3) hampiroborobo ny fitantanam-bola mangarahara mba hanomezana vahana ny mpahay siansa eo an-toerana. Eo amin'ny sehatra nasionaly, dia mamporisika (4) ny mpahay siansa handraisana anjara amin'ny hetsika ara-politika mba hisian'ny fiarovana azy sy ny fikarohana ataony any amin'ny firenena tropikaly, (5) ny fandraisana anjara amin'ny fanatsarana ny politikan'ny fikarohana momba ny zavamananaina, ary (6) ny famoronana fikarohana izay miantefa any amin’ny fiarahamonina. Amin'ny sehatra iraisam-pirenena, mamporisika

Document downloaded from http://www.elsevier.es, day 05/06/2023. This copy is for personal use. Any transmission of this document by any media or format is strictly prohibited.

ireo mpikaroka avy amin’ny firenena Tatsimo amin'ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena izahay mba (7) hitarika ny fangatahana famatsiam-bola, (8) hiantoka ny fitsinjarana ara-drariny ny asa, ary (9) hiaro sy hametraka ny tombontsoa mitovy eo amin'ny mpiara-miasa nasionaly sy vahiny. Farany dia, (10) manolotra soso-kevitra izahay fa ny fitarihan’ny mpikaroka avy amin’ny firenena Tatsimo eo amin'ny ezaka eran-tany dia tena mety hanatsara ny DEI manerantany ary miantoka ny fiovana maharitra eo amin'ny fiarahamonina siantifika.

Ity famintinana ity dia misy amin’ny fiteny hafa izay ampiasain'ny firenena Tatsimo, ary izany dia hita ao amin’ny tahirin-kevitra fanampin’ny lahatsoatra.